DEPARTEMANTAN' NY ASA FANOMPOANA NY TANORA ADVANTISTA

gcyouthministries.org

# Andro Manerantany Hoan'ny Mpisantatra




20 MEY 2023

# TORITENY

## Mpamokatra

**Toriteny:**
Alejandro Remo Diaz

**Tonian-dahatsoratra:**
Andrés J. Peralta

**Tonian-dahatsoratra mpanampy:**
Maria Manderson

**Nandika:**
Andres J. Peralta
Eli Translation

**Mpanolo-tsaina:**
Abner de los Santos
Pako Mokgwane
Busi Khumalo

**Nanao ny endriny:**
HAD Graphic Inc.
Email: hadgraphic@gmail.com

**Namorona ny sary famantarana (Logo):**
Huascar Esteban Vanderhorst

**Naka ny sary:**
©Freepik



# Votoaty


MOMBA NY MPANORATRA, 4

FIARAHABANA!, 5

FILÔZÔFIA & TANJON'NY ASA FANOMPOANA NY MPISANTATRA, 6

NY FILÔZÔFIAN'NY FIANARANA: NY FANASOKAJIAN'I BLOOM NOHAVAOZINA, 8

VOADY SY LALÀNA, 10

TORITENY: ILAY DIA MAHAFINARITRA, 11



## MOMBA NY MPANORATRA:

**Ny Pr. Alejandro Remo Díaz Gramunt** dia teraka tao Antofagasta-Chile. Nanomboka ny asa fanompoany izy nanao ny asan'ny *aumonier* tao amin'ny Colegio Santiago Norte tamin'ny 2004. Avy eo izy nantsoina ho pasitora tao amin'ny distrikan'i Santiago Poniente tamin'ny 2006-2007. Tamin'ny 2008 izy dia namompo amin'ny maha-Talen'ny Departemantan'ny Fitantanam-piainana Kristianina sy ny Asa Fitoriana tao amin'ny Misiona Chile Afovoany ary avy eo, nitàna izany andraikitra izany ihany koa izy tamin'ny taona 2009-2012 tao amin'ny nantsoina hoe Misiona Chile Avaratra tamin'izany fotoana izany. Nitarika ny Departemantan'ny Asa Fanompoana ny Tanora sy ny Mozika ary ny ADRA tao amin'io saha io ihany izy nanomboka ny taona 2013 ka hatramin'ny 2014. Mpitandrina distrika tao amin'ny Fivondronamben'i Orogoay izy ny taona 2015-2018. Nanomboka tamin'ny taona 2019 dia nitàna ny toeran'ny Talen'ny Departemantan'ny Asa Fanompoana ny Tanora, ny Mpisavalalana ary ny Mpisantatra, ary ny Asa Fanompoana amin'ny alalan'ny Mozika ao amin'ny Fivondronamben'i Chile izy.

# FIARAHABANA

Miarahaba anareo ry Mpisantatra sy mpitarika Mpitarika!

Amin'ity taona ity, dia mino sy manantena aho fa vonona avokoa ianare rehetra hiainga, handeha amin'ILAY DIA MAHAFINARITRA!

Samy miandry ny fiverenan'i Jesosy tsy ho ela isika rehetra ary hianatra bebe kokoa momba ity dia ity isika androany amin'ny Andro Manerantany ho an'ny Mpisantatra, ary manantena izahay fa afaka hiaraka handeha aminay ny Mpisantatra rehetra eo am-piomanana amin'ity dia efa ela nandrasana ity.

Ao amin'ny tontolon'ny Mpisantatra, dia andro miavaka ny andro tsirairay rehefa zanak'Andriamanitra falifaly, mazoto ary sariaka ianao, saingy fantatsika fa ho andro hotsaroana manokana ny androany. Fantatray fa tia mihetsiketsika ny Mpisantatra, na mihazakazaka izany na mitsambikina, ka tsy andrinay ny hahita anareo hihazakazaka, hitsambikina, hibitaka ary hitsinjaka rehefa manaiky ny antso HANDEHA hiaraka amin'i Jesosy amin' "Ilay Dia Mahafinaritra."

Mivavaka izahay mba ho fitahiana ho anareo rehetra, ny fianakavianareo, ny fiangonana ary ny fiaraha-monina misy anareo ny androany. Fantatray fa izay zavatra rehetra ataonareo ho an'Andriamanitra dia hitondra tsikitsiky hatrany eny amin'ny tavantsika rehetra!

**MIRARY ANDRO MANERANTANY HO AN'NY MPISANTATRA MAHAFINARITRA!**



**Andrés J. Peralta**
Talen'ny Mpisantatra Manerantany




# Filôzôfia & Tanjon’ny Asa Fanompoana Ny Mpisantatra

**Tari-dàlan’ny Foibe Manerantany ho an’ny Talen’ny Mpisantatra, Pejy 8–9**

## Filôzôfia:

Novolavolaina ny fandaharan'ny Mpisantatra mba hanampiana ny ray aman-dreny amin'ny andraikiny lehibe amin'ny maha-mpampianatra sy mpitory ny filazantsara voalohany azy ireo ho an'ny ankizy. Mikendry ny hanamafy ny fifandraisan'ny ray aman-dreny sy ny zanaka ny fandaharana ary ny hampandroso ny fivelaran’ny ankizy eo amin'ny lafiny ara-panahy, ara-batana, ara-tsaina ary ara-tsosialy. Amin'ny alalan'ny Fandaharan’ny Mpisantatra dia afaka miara-miasa amin'ny ray aman-dreny ny fiangonana, ny tokantrano ary ny sekoly mba hampivelarana ilay zaza ho matotra sy falifaly.

Ny Asa Fanompoana ny Mpisantatra dia Asa Fanompoana ny Fianakaviana. Anisan'ireo singa manan-danja indrindra amin'ny filôzôfian’ny Mpisantatra ny hoe tsy kilasin’ny zaza madinika ny Mpisantatra fa asa fanompoana fanorenana ny fifandraisan'ny fianakaviana, asa fanompoana mitaky fandraisan'anjara sy fanohanan'ny ray aman-dreny izany!

Koa nahoana no manana klioba Adventurer? Ny fandaharan'asan'ny Adventurer dia noforonin'ny fiangonana hanohanana ny ray aman-dreny amin'ny fanampiana ny ankizy amin'ny asa sarotra amin'ny fampandrosoana feno amin'ny maha-mpanara-dia an'i Kristy amin'izao tontolo izao ankehitriny.

## Tanjona:

1. hamolavola toetra tahaka an'i Kristy;
2. hanao ny fanandraman'ny fifaliana sy fahafaham-po amin'ny fanaovana zavatra tsara;
3. haneho ny fitiavany an'i Jesosy amin'ny fomba voajanahary;
4. hianatra hanao ny marina, ny rariny sy ny hitsiny ary hanamafy ny fahaizany mifandray amin`ny hafa;
5. hamantatra ny fahaiza-manao nomen'Andriamanitra azy sy hianatra ny fomba hampiasana izany mba hahasoa ny tena sy hanompoana ny hafa;
6. hahita ny tontolon'Andriamanitra;
7. hanatsara ny fahatakarany ny zavatra izay mampatanjaka ny fianakaviana;
8. hampivelatra ny fanohanan'ny ray aman-dreny amin'ny fitaizana azy.

Miezaka ihany koa ny Klioban'ny Mpisantatra mba hamolavola tontolo iainana izay:

1. Hanoloran'ny ankizy ny fony sy ny fiainany ho an'i Jesosy Kristy, amin'ny ambaratonga manokana misy azy
2. Hahafahan'ny ankizy manana toe-tsaina miabo momba ireo tombotsoa sy fifaliana ary andraikitry ny fananana fiainana kristiana.
3. Hahafahan'ny fianakavian'ny Mpisantatra mahazo ny fahazarana, fahaiza-manao ary fahalalana ilaina hiainana ho an'i Jesosy amin'izao ankehitriny izao.
4. Hahatonga ny ray aman-dreny sy ny mpikarakara voalohany hafa ho matoky tena sy mahomby bebe kokoa amin'ny andraikiny amin'ny maha-mpiara-miasa amin'i Kristy azy ireo ho an'ny zanany.
5. Haneken'ny mpitarika ny fiangonana ny andraikiny amin'ny fanampiana amin'ny fikarakarana ireo mambra zandriny indrindra ao amin'ny fiangonana.






# Ny Filôzôfian'ny Fianarana: Ny Fanasokajian'i Bloom Nohavaozina

**Tari-dàlan'ny Foibe Manerantany ho an'ny Talen'ny Mpisantatra, Pejy 14-15**

Nanadihady ny fomba fianaran'ny ankizy nandritra ny taona maro ny mpanabe sy ny mpitarika ny Departemanta. Iray amin'ireo fomba malaza indrindra hamaritana ny fomba ianaran'ny ankizy (sy ny olon-dehibe) ny Fanasokajian'i Bloom (*Taxonomie de Bloom*), izay nampiasaina nandritra ny taona maro, ary nohavaozina ho an'ny mpianatra maoderina ankehitriny.

Tafiditra ao anatin'ny ankamaroan'ireo boky fampiasana ary koa ireo fampiasana amin'ny Asa manavanana ny Fanasokajian'i Bloom. Manokàna fotoana hanampiana ireo ankizy Hitadidy, Hahatakatra, Hampihatra, Hanadihady, Hanombatombana ary Hamorona rehefa manao fampiasana hahazoana ny mari-pandrosoana sy ny asa manavanana izy ireo! Na hita aza fa handany ny ankamaroan'ny fotoanany amin'ny fianarana ao amin'ireo ambaratonga ambany amin'ny fanasokajian'i Bloom ny mpianatra zandriny indrindra, dia zava-dehibe ho an'ny Mpisantatra rehetra ny fanaovana fanandramana amin'ireo ambaratongam-pivoarana amin'ny fianarana maro isan-karazany mandritra ny fandalovany ao amin'ny Mpisantatra. Tsy ny hahatratra ny ambaratonga rehetra amin'ny fotoana rehetra no tanjona, fa ny hahafantarana ny fomba ahafahan'ny Mpisantatra mikaroka sy mitombo amin'ny fianarany!

## Fivoaran'ny Fianarana ao anatin'ny Dingana 6

### Mitadidy

Mahay mandray, mitadidy, ary mamantatra izay fahalalana ilaina avy ao amin'ny fitadidiana maharitra (*mémoire à long terme*).

Asa tokony vita - Misafidy, Mamaritra, Mitadidy, Mifantina, Mitanisa, Manome Anarana, Manoritra, Mamantatra, Manao Tsianjery, Mahatsiaro, Mampifandray, Maneho, Milaza, na Mitatitra.

### Mahatakatra

Maneho fahatakarana amin'ny alalan'ny endrika fanazavana iray na mihoatra.

Asa tokony vita – Mamerina Milaza, Mifanakalo Mevitra, Mamerina Manoratra, Manome Ohatra, Manambara, Maneho An-tsary, Miteny amin'ny Fomba Hafa, Maneho Fanoharana, Manazava, Miaro Hevitra, Manavaka, Mamintina, Mampifandray, Mandika, na Manao Sary.

### Mampihatra

Mampiasa fahalalana na fahaiza-manao iray amin'ny toe-javatra vaovao.

Asa tokony vita - Mandamina, Maneho Fijery Ankapobe, Manindry Hevitra, Manomana, Mamokatra, Mifidy, Manao Rafitra , Mampihatra, Mamaha, Manao Sary, Mampiseho, Mandoko, Maminavina, Manatsoaka Hevitra, Manova, na Mamerina Mandamina.

### Manadihady

Manasaraka ny ampahany amin'ny fitaovana iray mba hiavaka tsara izy ireo ary mamantatra ny fomba hifandraisan'ireo ampahany ireo amin'ny hafa sy/na ny rafitra na antom-pisiany iray manontolo.

Asa tokony vita - Mampitaha, Manadihady, Manasokajy, Manondro, Mampiavaka, Manasokajy, Manavaka, Mizarazara, Manatsoaka Hevitra, Mamakafala, Mifantina, na Mametraka laharam-pahamehana.

### Manombatombana

Manao fitsarana mifototra amin'ny fepetra sy ny fenitra.

Asa tokony vita - Mitsara, Mampifanaraka, Mitsikera, Manohana, Manombatombana, Mandinika, Maneho Hevitra, Manoro Hevitra, Mitsapa, Mamoaka Fehi-kevitra, Mandresy Lahatra, Manombana, na Mampitaha.

### Mamorona

Manambatra singa maro mba hamoronana fitambarana vaovao izay mirindra na miasa tsara; mamerina mandamina ny singa efa teo ho lasa lamina na rafitra vaovao.

Asa tokony vita – Mandrafitra, Mamoaka, Manome Petra-kevitra, Mamolavola, Mampiditra, Manamboatra, Manambatra, Manangana, Mamokatra, Mandrafitra, Mamorona, na Mandamina.

Tsy ny hetsika rehetra no mampiasa ireo ambaratongam-pianarana enina ireo. Na izany aza, raha afaka manohy mamporisika ny Mpisantatra isika, eny fa na ny zandriny indrindra aza, mba hanatratra matetika araka izay azo atao ireo ambaratongam-pianarana telo ambony, dia ho lalina sy feno ary tsy hay hadinoina ny fanandraman'izy ireo ao amin'ny Mpisantatra

# Voady sy Lalàna

## VOADY

Satria tia ahy Jesosy, dia sitrako ny hanao ny tsara indrindra mandrakariva.

## LALÀNA

- Mpankatò
- Madio am-po
- Marina
- Maha-te ho tia
- Mahalala fomba
- Malina
- Tia manampy ny hafa
- Faly mandrakariva
- Miahy
- Mahay manaja



TORITENY AMIN'NY ANDRO
MANERANTANY HOAN'NY MPISANTATRA

# ILAY DIA MAHAFINARITRA

TOKO SY ANDININY FOTOTRA:
Jaona 14:2 sy 3




Pr. **Alejandro Remo Díaz Gramunt**



## FAMPIDIRANA

Anisan'ireo hetsika tsara indrindra azontsika atao amin'ny maha-ankizy antsika ny fanaovana dia. Azoko antoka fa samy efa nanao dia isika rehetra tamin'ny fotoana iray—na hitsidika havana na hankafy fialan-tsasatra fotsiny—nankany amin'ny toerana mahafinaritra, miaraka amin'ny ray aman-drenintsika, ny fianakaviana na ny namantsika.

Maro amin'ireny dia ireny no tsy hay hadinoina, ary feno fotoana mahafinaritra ka tiantsika ny hamerina azy ireny foana.

Nianatra isika anefa ao amin'ny Baiboly, fa ho avy ny andro izay hahatonga antsika rehetra izay nanaiky an'i Jesosy hanao dia mahafinaritra. Dia mahafinaritra sy manan-danja lavitra noho ny dia rehetra izay mety efa nataontsika izany. Dia izay hanova ny fiainantsika mandrakizay izany.

Andeha hojerentsika hoe inona no fepetra tsy maintsy misy mba hilazana fa mahafinaritra ny dia iray?

### 1. TOERANA HALEHA MAHAFINARITRA

Nitantara tamiko ny raiko fa farak'izay lafo ny fandehanana fiaramanidina tamin'izy mbola zazalahy kely, ka ny fandehanana fiara fitateram-bahoaka na fiaran-dalamby no fomba mety indrindra ho an'ny rehetra. Ny raibe sy renibeko, izay nipetraka tany amin'ny 2 000 kilaometatra mahery miala amin'ny toerana nisy anay, dia nandeha nitsidika ny fianakaviana foana. Nilaza i Dada fa na teo aza ny halaviran-dalana sy ny tsy fahatomombana**n**'ny dia, ny fahafantarana fotsiny fa tsara sy mahafinaritra ny toerana halehanizy ireo dia nanamora ny fizakana ny harerahana tamin'izany dia izany. Nahatonga azy ireo tsy hiraharaha ny fahasorenana amin'ny fandehanana mihoatran'ny 28 ora ao amin'ny fiara fitateram-bahoaka ny fiandrandrana ny hahatongavana any amin'ny toerana halehany. Nataony tsy ho zavatra izany sorona izany, izay no zava-dehibe.

Nasaina ho any amin'ny toerana tsara sy mendrika ho fantatra isika rehetra. Izaho manokana dia tena faly tokoa satria fantatro fa Jesosy mihitsy no nandeha nanomana toerana ho ahy.

Milaza amintsika ny Jaona 14:2 hoe, “Ao an-tranon'ny Raiko misy fitoerana maro; raha tsy izany, dia efa nilaza taminareo Aho; fa handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho.” (MG1865)

Fantatsika fa i Jesosy sy ny Ray no namorona izao tontolo izao. Tontolo lavorary. Tontolo tonga lafatra, fa tsy toy ny tontolo fantatsika ankehitriny. Kanefa, na eo aza ireo lesoka sy olana rehetra eto amin'izao tontolo izao ankehitriny, mbola misy ny toerana mahafinaritra maro eto amin'ity planetantsika ity. Azonareo sary an-tsaina ve hoe nanao ahoana ity tontolo ity talohan’ny nidiran’ny fahotana? Tena nahafinaritra tokoa angamba izany. Saingy, na nahafinaritra aza izany, dia mbola hahafinaritra sy ho tsara lavitra ireo trano izay nolazain’i Jesosy fa hamboariny.

Ao amin’ny 1 Korintiana 2:9, ny apôstôly Paoly dia manome antsika topimaso ny amin’izay azon’Andriamanitra atao ho an’izay rehetra te ho voavonjy.

“Fa araka ny voasoratra hoe: Izay tsy mbola hitan'ny maso ary tsy mbola ren'ny sofina, na niditra tao am-pon'ny olona, na inona na inona no efa namboarin'Andriamanitra ho an'izay tia Azy.” (1 Korintiana 2:9, MG1865)

Andeha isika hanao fampiasana kely:

Akimpio ny masonareo ary tsarovy ny toerana tsara indrindra efa hitanareo. Akimpio ny masonareo, ary tsarovy......

Hitanareo amin’izay? Tsapanareo niverina nipoitra indray ve ny faniriana te ho any? Afaka mahatsapa zavatra mitovy amin’izany isika rehefa maka sary an-tsaina ny lanitra. Tokony ho fandrisihana lehibe ho antsika ny fakana sary an-tsaina izany hoe any an-danitra izany, ary tokony hanampy antsika hiatrika ireo olana izay mety ho iainantsika amin’izao fotoana izao.

Efa mba nihira ny Laharan-kira faha-612 ve ianareo? Jereo ny andininy voalohany:

‘Lay tanàna masina
Indro efa tazako eto izao
Mamirapiratra ery
Tena mahamanina.
Loharano mavana
'Njao mandefa antso ho anao:
Avia ianao hiala sasatra e!

## 2. MIARA-MANDEHA AMIN’NY OLONA TSARA

Zavatra iray hafa izay mahatonga ny dia ho mahafinaritra ihany koa ny hoe iza no miaraka aminao. Ny fiarahana mandeha amin'ny olona tsara. Ary hahatonga anao hanadino izay

mety ho fahasahiranana entin'ny dia ihany koa izany. Lasa maivana sy fohy kokoa ny dia rehefa miara-mandeha amin'ireo olon-tiantsika sy mandalo fotoana mahafinaritra isika.

Haharitra hafiriana anefa ny dia ho any an-danitra?

Izao no nosoratan'i Ellen White:

"Niara-niditra tao amin'ny rahona izahay rehetra, ary niakatra nandritra ny hafitoana ho any amin'ny ranomasina fitaratra, ary nentin'i Jesosy ny satro-boninahitra, ka ny tànany ankavanana mihitsy no nametraka izany teo amin'ny lohanay. Nomeny lokanga volamena sy rofiam-pandresena izahay" (*Premiers Écrits*, 16)

Manao ahoana ny fahitanareo izany? Hanao dia haharitra fito andro isika rehefa hiverina haka antsika i Kristy. Araka ny efa voalazantsika teo aloha, azo iaretana ny dia lavitra rehefa fantatrao fa tsara sy mahafinaritra ilay toerana haleha, ary azoko antoka fa tena mahatalanjona tokoa ny any an-danitra, ka tsy ho azontsika sary an-tsaina mihitsy izany.

Saingy zava-dehibe ihany koa ny fahafantarana fa afaka miara-mandeha amin'ny olona tsara sy mahafinaritra koa izaho sy ianao amin'ity dia ity. Ary, araka ny efa voalazantsika, dia mety hahatonga ilay dia ho mahafinaritra kokoa ny fiarahana mandeha amin'ny olona mahafinaritra sy fantatrao ary tianao.

Tadidio tsara izao... Rehefa miteny hoe olona tsara isika dia ireto no tiana resahana:

a. Ny Fianakaviantsika
b. Ireo havantsika efa nodimandry kanefa nitsahatra tao anatin'ny finoana an'i Jesosy
c. Ireo namantsika
d. Ireo mpikambana ao amin'ny tarika na *patrouille* misy antsika
e. Ireo olona izay nizarantsika ny hafatry ny famonjena.

Izany mihitsy, rehefa ho avy Kristy, dia ho anisan'ireo olona hiara-mandeha amintsika ireo olom-pantatsika rehetra izay nanaiky an'i Jesosy ho Mpamonjy azy manokana. Milaza amintsika koa ny Baiboly fa hitsangana indray ireo izay maty nino an'i Jesosy, izany hoe, raha namoy namana na havana ianao, raha toa ka nanaiky an'i Jesosy izy talohan'ny nahafatesany, dia hitsangana indray ary ho tafiaraka amintsika amin'ilay diantsika, handray anjara hahatonga ny diantsika ho any an-danitra ho mahafinaritra.

Milaza ny 1 Tesaloniana 4:16-18 hoe,

"Fa ny tenan'ny Tompo no hidina avy any an-danitra amin'ny fiantsoana sy ny feon'ny arikanjely ary ny trompetran'Andriamanitra, ka izay maty ao amin i Kristy no hitsangana aloha; ary rehefa afaka izany, dia isika izay velona ka mbola mitoetra no hakarina hiaraka aminy ho eny amin'ny rahona hitsena ny Tompo any amin'ny habakabaka; dia ho any amin'ny Tompo mandrakariva isika. Koa dia mifampionòna ianareo amin'izany teny izany." (MG1865)

Azonareo sary an-tsaina ve ny dikan'izany!

## 3. JESOSY ILAY MPAMPIANTRANO TSARA INDRINDRA

Efa nijery fepetra roa isika mba hahatonga ny dia ho mahafinaritra. Ny voalohany dia ny hoe tsy maintsy ho tsara, mahasarika ary mampitolagaga ny toerana haleha; ny faharoa dia mahakasika ireo izay hiaraka handeha amintsika amin'io dia io. Mahatonga ny dia ho mahafinaritra sy tsapa ho fohy kokoa ny fiarahana mandeha amin'ny olona tsara, kanefa ahoana kosa raha manao antsika ho olona tsy fantatra na hafahafa ny olona izay manana andraikitra amin'ny fampiantranoana antsika? Mety hoe tsy mandray antsika ve izy? Sa manokan-tena hanao izay hampilamina tsara ny fiainantsika?

Ny mpampiantrano tsara dia afaka manao ny zava-drehetra ho mahafinaritra, eny fa na tsy dia mahasarika loatra aza ny manodidina na tsy tsara ny andro. Eny fa na tsy afaka mampifaly antsika aza ireo izay miaraka mandeha amintsika. Ry sakaiza, ny mpampiantrano tsara dia afaka mampanadino ny fotoana ratsy rehetra niainana nandritra ny dia. Afaka manala ny havizanana sy ny fahasorenantsika izy. Ny mpampiantrano tsara dia afaka manao ireo fotoana ho lasa tsy hay hadinoina. Amin'ity dia izay ataontsika ity, dia i Jesosy, ilay sakaizantsika sy Mpamonjy antsika no mpampiantrano. Izy mihitsy no lasa nanamboatra fitoerana ho antsika tsirairay avy; ary satria Izy no mikarakara ny antsipiriany rehetra, dia afaka mahazo antoka isika fa manomana ny tsara indrindra ho antsika Izy.

Andeha hovakiantsika indray ny Jaona 14:2-3:

> " Ao an-tranon'ny Raiko misy fitoerana maro; raha tsy izany, dia efa nilaza taminareo Aho; fa handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho. Ary raha handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho, dia ho avy indray ka handray anareo ho any amiko, ka izay itoerako no hitoeranareo koa."

Izany hoe mitoetra miaraka amin'i Jesosy izany dia midika hoe mitoetra ao amin'ny "fanjakana izay voavoatra ho anareo hatrizay nanorenana izao tontolo izao" (Matio 25:34). Io Jesosy io mihitsy, ilay Mpamorona ny zavatra rehetra manodidina antsika, no efa nanomana toerana ho ahy sy ho anao.

Anisan'ny zavatra andrasana amin'ny mpampiantrano ny manao izay rehetra azony atao mba hanompoana tsara ny vahiny. Tsy maintsy mandray ny fepetra rehetra ny mpampiantrano mba hahatsapa fifaliana sy fahasambarana ireo izay eo ambany fiahiany ary, amin'ny fomba iray na amin'ny fomba hafa, hahatonga azy ireo hanadino ny fotoan-tsarotra niainany teo aloha.

Ny fahafantarana fa nitsangana tamin'ny maty i Jesosy, ary avy eo niakatra tany an-danitra mba hanomana ireo fitoerana nampanantenainy, dia tokony hanosika antsika haniry hahafantatra sy hankafy ny fampiantranony. Tokony hameno antsika amin'ny fifaliana sy fanantenana izany.

## FAMARANANA

Ry sakaiza, tsy ho ela, isika izay nandray an’i Jesosy tamin’ny fontsika manontolo, no hanana fahafahana hanao dia mahafinaritra... Eny! Dia mahafinaritra iray ary ny fitoerana nomanin'i Jesosy ho antsika no toerana halehantsika.

Ity ny vaovao mahafaly omeko anareo:, toerana tena mahafinaritra tokoa ny any an-danitra izay toerana halehantsika. Hohodidinin’ny olona tsara isika ao amin’ilay diantsika ho any an-danitra, anisan’izany ireo namana sy fianakaviana izay natsangana tamin’ny maty mba hanao io dia io sy hiaina mandrakizay. Afaka mankafy ny hakanton'ny ranomasina fitaratra isika any an-danitra ary milalao amin'ny karazana biby rehetra. Ho afaka hanandrana voankazo matsiro isika, ary handeha matetika hitsidika tontolo hafa. Haharitra arivo taona izany... fa resaka ho amin’ny manaraka indray izany.

Ahoana ny hevitrao? Te handeha amin’izany dia izay ve ianao? Te hiaraka amin’i Jesosy ve ianao ka hankafy ny fampiantranony?

Raha te handeha amin'izay dia izany ianao dia tsy maintsy voavonjy, ary mba hahatonga anao ho voavonjy dia tsy maintsy mino an'i Jesosy Tompo sy atao batisa ianao. Nefa koa, tsy maintsy miasa ho tanan’i Jesosy ianao amin’ny fanampiana ny hafa hahafantatra Azy. Isika rehetra izay mambran’ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito dia tokony haniry hampita sy hizara ny hafatry ny famonjena mba hahafahan’ny maro hafa koa handeha amin’izany dia mahafinaritra izany.

Te handeha amin’izany dia izay ve ianareo? Te hiaraka amin’i Jesosy ve ianareo ka hankafy ny fampiantranony?









# EKIPAN'NY DEPARTEMANTAN' NY ASA FANOMPOANA NY TANORA

FOIBE MANERANTANY SY DIVIZIONA (SID)





ADVENTURER CLUB

